## Antoko MMM 2
## Tsy hiditra amin'ny governemanta vaovao

## Raharaham-pirenena 2
## Ny filoha Rajoelina mihitsy no ilana tomban'ezaka


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 12 martsa 2022 Laharana 1273 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Politika** 3

## Tsy misy antenaina amin'izay fiovan'ny governemanta

**Akademia Miaramila Antsirabe** 2

# Nipoaka ny vanja nisy ny maty sy naratra mafy






**Olona ambony ao amin'ny ministeran'ny Fitsarana** 3

# Nisy nangataka 10 miliara tamin'i Mbola Rajaonah




**TIM Betsiboka** 2

# Vonona haka fahefana sy hanabe voho ny antoko koa



**Tovovavy nitrifana sy namono olona** 6

# Tratry ny fanainga lavitry ny patrôn'omby



**Lehilahy namono vehivavy 30 taona** 6

## Notapahan'ny fokonolona ny tenda sy ny tanany ary ny tongony

**Miraviravy tanana ny mpiompy** 7

## Mirongatra ny halatra kisoa any Imerintsiatosika

**Daka kely**



Manomboka vaky ny sambo, miala tsikelikely ny akamanareo ry Boaikely !

TIM BETSIBOKA

# Vonona haka fahefana sy hanabe voho ny antoko koa

Vonona haka fahefana sy hanabe voho ny antoko koa ny avy amin'ny antoko TIM (Tiako i Madagasikara) any amin'ny faritra Betsiboka. Fantatra izany nandritra ny fandalovan'ny mpitarika an'izy ireo eto an-drenivohitra amin'izao fotoana, solontenan'ny TIM avy amin'ireo distrika 3 mandrafitra ny faritra Betsiboka dia ny avy any Kandreho, Tsaratanana ary Maevatanana. Manao tohivakana ny fikambanana maro sy ny antoko Tiako i Madagasikara avy eto Antananarivo sy avy any amin'ny faritra miarahaba ny filoha Marc Ravalomanana eny Faravohitra, ao amin'ny trano fonenany, na efa volana martsa aza isika izao. Ny solontenan'ny TIM avy any amin'ny faritr'i Betsiboka izay voasolo tena tao avokoa ny disitrika mandrafitra azy Maevatanana, Kandreho ary Tsaratanana no niarahaba ny filoha Marc Ravalomanana omaly. Nifampirary soa sy nitafa ohatra ny ray amandreny sy zanaka ny roa tonta tamin'izany. Nisy ny toromarika nomen'ny filoha Marc Ravalomanana azy ireo mikasika ny fanatsarana ny antoko TIM. Fa rehefa vita ny fiarahabàna teny Faravohitra dia nitafa tamin'ny birao politika nasiônaly notarihan'ny sekretera jeneralin'ny antoko:



*Ny mpitarika ny TIM avy any amin'ny faritra Betsiboka, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, teny Faravohitra.*

Rina Randriamasinoro, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air ireo delegasiona avy any Betsiboka. Nisy ny dinik'asa natao tamin'izany mikasika ny hanaovana ny famelomamaso ny antoko TIM any amin'ny faritra misy azy ireo tsirairay, izay iraisan'ny antoko Tiako i Madagasikara manerana ny Nosy.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainana andavanandro

## Miatrika fahasahiranan-dava ny vehivavy Malagasy

Vao avy nanamarika ny andron'ny vehivavy maneran-tany isika teto Madagasikara andro vitsivitsy lasa izay. Nisy ny teboka nandrasana, mba ho ambaran'ireo vehivavy efa tsara toerana eto amin'ny firenena manomboka any amin'i Mialy Rajoelina tamin'ny fandraisan'izy ireo fitenenana nandritry ny lanonana ofisialy, fa tsy voaresaka. Iray amin'izany, ny tsy fitoviana ara-pihariana eo amin'ny vehivavy malagasy, izay tena misy elanelana be tokoa amin'izao fotoana izao. Misy ny tena sahirana mafy, tsy an-drenivohitra ihany fa indrindra any ambanivohitra lavitra any. Maro ny vehivavy malagasy no mijaly anaty fahoriam-pahantrana sy fadiranovana. Tsy hita ho miady fo mafy amin'izany anefa ireo efa tsara toerana sy milamina, indrindra ireo ao anaty fitondrana amin'ny rafi-panjakana samihafa. Ny tsikaritra, dia mijanona ho kabary fe kabary isan-taona ho fampahatsiahivana ny maha zava-dehibe ny anjara toeran'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena fotsiny ihany ny andron'ny 8 Martsa eto amintsika. Tsy misy fiovana misongadina ny fiainan'ny vehivavy, anatin'ny sarambabem-bahoaka an-drenivohitra sy ambanivohitra lavitr'andriana any tao anaty taona maro izay. Miharitra ny mafy izy ireo indrindra ao anatin'izao fahasahiranana, noho ny fidangan'ny vidim-piainana eto amin'ny firenena izao, izay nanampy trotraka ny fihanaky ny valanaretina sy ny loza voajanahary. Ny karama na ny fivelomandrangahy vadiny anefa tsy mitombo manoloana izany. Sao dia misy vehivavy nokendrena atao fitaovana fotsiny eto amin'ity firenena ity atao itadiavantseza sy tombontsoa manokana? Mila asa mivaingana avy amin'ny fitondrana ny fampivoarana sy fanohanana azy ireo eo amin'ny fiainany. Miankina amin'izany ny fivoarana sy ny fandrosoan'ny firenena. Tsy vitan'ny asa atao mitsitokotoko kely etsy sy eroa, toy ny fanaon'ny fitondrana tato anatin'ny telo taona anefa izany, fa ny ilaina mahafaoka ny besinimaro. Mila voajery avokoa ny rehetra, fa tsy misy atao tany avo avaratra na ny atao ambany maso tsy hita. Raha mbola tsy miova ny fomba fiasa hatramin'izay anefa, dia ho volan-kankafotra ihany ny momba ny vehivavy malagasy, ary sendra mba nomarihina manetriketrika fotsiny ny andron'ny 8 Martsa, fa vao aorian'izay dia miverina amin'ny toy ny fiainany andavanandro ihany ny fiainan'ny vehivavy malagasy rehetra, ary samy manana sy miaina ny azy indray.

***Sôh'son***

Depiote Fetra Ralambozafimbololona

# Tokony hiala ny mpitondra rehefa tsy mahay mitantana

Nahitsy ny solombavambahoakan'i Madagasikara, Fetra Ralambozafimbololona, voafidy tao amin'ny boriboritany fahadimy eto Antananarivo renivohitra, fa tsy mahay mitantana ny mpitondra fanjakana ankehitriny. Tsy vitan'ny manao « scandales » lava, fa na izy samy izy aza dia tsy mifankahazo hevitra sy mifampitsipaka ihany koa. Manginy fotsiny ny tsy fanatrehan'ny sasany ny filankevitry ny minisitra farany teo. Ankoatr'izany,



dia nahitsy ihany koa ny tenany, fa ny tsy fahaizamanaon'ny mpitondra ankehitriny no tokony hanovana ny mpikambana eo anivon'ny governemanta, satria tsy mahomby amin'ny fitanta nana sy tsy mahalala ny tena laharampahamehana ho an'ny vahoaka malagasy. Ny fampiatoana amin'ny asany ny governemanta no vahaolana hoy izy ary mila olona mahay sy mahafehy ny raharaham-pirenena raha te-handroso. Mila mandroso ny vahoaka ary mila olona mahay mitantana sy mahafehy ny firenena, ka vonona amin' izany ny mpanohitra. Momba ny resaka fifidianana indray dia nambarany fa any amin'ny fifidianana mifampitady dia ho hitan'ny vahoaka izay olona mety aminy, ka aleo halalaka ny fifidianana ary hadio ny lisi-pifidianana, mba tsy hisy hala-bato sy hosoka toy ny teo aloha. Vonona izahay mpanohitra hoy izy hitondra ny anjara birikinay amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Ankoatr'izay dia nitondrany fanazavana ihany koa ireo tsy fahatomombanana amin'ny fizarana vatsy tsinjo, izay vonjy tavanandro ihany satria ireo efa nahazo teo aloha foana no mahazo, lasa bizina ny fizarana vary tsinjo ankehitriny, ka mimenomenona ny vahoaka mahantra sy sahirana eto amintsika ary mitaky fangaraharana tanteraka izy ireo.

***Rajo***

Raharaham-pirenena

# Ny filoha Rajoelina mihitsy no ilana tomban'ezaka

Tsy tontosa ny Filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia 9 Martsa 2022 teo satria ny vaovao navoaka, dia hisy ny fanaovana tomban'ezaka ny zava-bitan'ireo minisitra, ka Ingahy Filoha sy Ingahy Praiminisitra no hanao izany tomban'ezaka izany.

Raha tsiahivina ny zava-nitranga tamin'ny herinandro lasa teo dia nisy ny antso nataon'ireo solombavambahoaka avy amin' ny antoko Tiako i Madagasikara, mba hiray hina ireo solombavambahoaka hametraka fitsipaham-pitokisana hanilihana ny Praiminisitra sy ny governemanta . Vavabe no nasetrin'ireo solombavambahoaka Ird izany, ka anisan'ny nampiaka-peo Ingahy Raholdina sy Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, vava ny maty an-drano hono ny an'ny Tim, vitsy an'isa ve hono dia hahavita hanongana, hiray hina hono ny maro an'isa hanohitra ny Tim, sns...

Kinanjo noteren'ny zava-mitranga Ingahy Filoha dia tsy maintsy hiroso amin'ny fanesorana ireo ministra ''tsy mahomby''. Tankina tanteraka tsy nandrenesam-peo ary mandositra mpanao gazety ireo solombavambahoaka Ird, satria azo lazaina ho mizotra any amin' ny lalana nosoritan'ireo depiote Tim ny raharaha, na dia tsy voakitika aza Ingahy Praiminisitra.

Ny mahatsikaiky amin'ilay tomban'ezaka dia tsy anisan'ny hanaovana tomban'ezaka Ingahy Praiminisitra, fa izy no manao ny tomban 'ezaka miaraka amin'Ingahy Filoha.

Ny Kmf Cnoe dia nanambara fa tokony havoaka ho fanta-bahoaka hono ny tomban'ezaka natao amin'ireo minisitra tsirairay, azo lazaina hoe manonofy atoandro ihany ny Kmf Cnoe, satria manantena ny tsy hisy, ny azo antoka aloha f'izay minisitra tsy miverina amin'ny toerany dia nahazo isa ratsy ary izay minisitra mbola mijanona amin'ny toerany dia nahazo isa tsara. Toy ny fanadinana rehetra io, misy ny ho afaka soa amantsara ary misy ny tsy maintsy hihintsana, fa ny tiana hanaovana fanamarihana dia ireto mpitsara an'ireo mpiadina, raha ny tokony ho izy dia mila tombanana koa ny ezaka vitan'Ingahy Filoha sy Ingahy Praminisitra, satria matoa tsy tontosa ilay fampandrosoana dia ireo lohany mihitsy no matsatso. Ingahy Praminisitra efa taorian'ny hetsik'ireo depiote 73 no efa nahazo toerana, izy no nambara ho Praminisitra tsy mitanila hikarakara ny fifidianana, kanefa dia hita ho mitongilana tany amin'i Rajoelina tamin'ny fifidianana, ary Ingahy Filoha indray dia lazaina fa haingam-pandeha hono rehefa miasa, fa ireo namany no tsy maharaka ny firimorimony, ny tena marina anefa dia ny vavany mitsaontsaona no haingam-pandeha, saingy tsy misy azo raisina izay lazainy satria dia bala rora tsisy fiafarany, kanefa akory atao fa dia izy roalahy no manao ny tomban'ezaka, fa tsy maintsy mbola ho avy ny fanaovan'ny vahoaka tomban'ezaka ny asan'izy roalahy ireo, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hiafara amin'ny fangoronana entana ny resaka.

***Ny Valosoa***

Akademia Miaramila Antsirabe

# Nipoaka ny vanja, nisy ny maty sy naratra mafy

Nipoaka ny vanja, na explosifs tao amin'ny Akademia Miaramila any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Nisy ny maty sy ny naratra mafy vokatr'izany, araka ny vaovao voaray farany. Nandritra ny fianarana mikasika ny "explosif", na vanja narahan'ny andiana mpianatra ho manamboninahitra tao amin'ny Akademia miaramila omaly dia nisy ny fipoahana vanja tao amin' ny toeram-pianarana, ka naharatrana sy nahafatesana mpianatra. Mpianatra ho manamboninahitra sy mpampianatra 7 mianadahy no naratra, 2 amin'ireo no nampiseho fahasarotana, ka efa manaraka fitsaboana izy ireo amin'izao fotoana izao. Araka ny vaovao azo farany anefa, 2 no namoy ny ainy tamin'ireo nipoahan'ny vanja ireo, ka ny iray tany Antsirabe no maty, ny iray tonga taty Antananarivo teny amin' ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana. Mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviana ny gazety Ny Valosoa, ary mirary fahasitranana ho an'ireo naratra mafy.

***Ny Valosoa***

### Antoko MMM
### Tsy hiditra amin'ny governemanta vaovao




Nanao fanambarana nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly, ny birao politikan'ny antoko MMM: Malagasy Miara-Miainga, tarihan'ny filohany Hajo Andrianainarivelo. Nambarany tamin'izany, fa tapaka tao anivon'ny birao politikan'ny antoko MMM, fa tsy handray anjara ao anatin'ny governemanta manaraka izy ireo, satria tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny fiarahana ary tsapa fa tsy mahafeno ny fepetra notakiana amin'ny fampandrosoana ny raharaha misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana. Efa manomboka vaky arak'izany ny sambo, ka miala tsikelikely miha-mipatitaka ny IRMAR, na ny IRD,…

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady

Noho ny tsy fahaizan'ny mpitondra

# Tsy mitsahatra mitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao


Tsy misy "manarapenitra" araka ny teny filamatr'izao fitondrana izao ny toe-draharaha rehetra eto amin'ity Firenena ity, na dia miezaka mampamirapiratra izay ataony amin'ny fomba rehetra aza ny mpanohana azy. Entina anaporofoina izany ny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika fony izy tafaverina avy any amin'ny fivorian'ny Firenena Mikambana ary nihaona tamin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena, ka nilazany fa noho ny fahaizany mandresy lahatra dia minitra vitsy izy no nihaona tamin'ity tomponandraikitra ity dia nahazo vola be. Ho an'ny sarambabembahoaka izay tsy mahafantatra na inona na inona dia tonga dia mihinana am-bolony izany, kanefa izany vola nomen'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI) izany dia ao anatin'ilay antsoina hoe "Droit de Tirages Spéciaux" (DTS), izay zon'ny Firenena Malagasy tanteraka ny misitraka azy. Nilaza ihany koa moa Rajoelina Andry hoe: "efa ao ny vola ary azo ampiasaina avy hatrany", toy ny milaza izany fa tao anaty valiziny izany. Ny mahavariana dia ireo mpomba azy nanatrika izany fanambarana izany dia nitehaka ary, angamba tena nino fa tao anaty fiaramanidina ny vola be. Ho an'ny mahalala ny pitsompitsony tsy maintsy harahina momba ny famoahana izany vola omena toy izany dia mahamenatra eo imason'ny vahiny izany, ka ny fanontaniana dia nampiesona ve ny filohan'ny Repoblika sa dia tena tsy fahaizana mihitsy. Tsiahivina ihany koa ilay kajy farany izay tsotra momba ny fanamboarana ny Làlampirenena faha-13. Ny minisitry ny Asa Vaventy nilaza fa efatra ambiroapolo volana no hahavitan'ny làlana kanefa hoy ny filohan'ny Repoblika: "vitaina ao anatin'ny valoambinifolo volana ny làlana satria teloambinifolo ampiana enina dia mira valoambinifolo (13 + 6 = 18). Azo inoana fa na dia ny mpianatra mipetraka amin'ny tany fa tsy misy dabilio any amin'ireny sekoly lavitra andriana ireny aza dia tsy handiso io kajy io. Tamin'ity herinandro ity dia niaraha-nahita sy naheno ny fanambaran'ny minisitry ny Fitaterana momba ny fandraràna ny fitondrana valizy misy kodiarana sy solosaina azo entina mandeha (lap top) ho an'ny mpandeha fiaramanidina. Hialana amin'ny trafikana harena an-kibon'ny tany; indrindra ny volamena, hono ny anton'izany. Ny harivan'iny andro iny dia nanitsy izany ity minisitra ity fa tsy mbola ofisialy, hono, ny fanambarana nataony. Ny manahirana dia tena notebahan'ny namany, ny ministry ny Fizahantany izy, fa tsy nisy izany fanapahan-kevitra izany nandritra ny Filankevitry ny Minisitra farany. Niteraka resabe ity toe-javatra ity, ka efa naminavina ny mpanaraka ny toe-draharaha politika, fa tsy maintsy hisy ny fanesorana minisitra izay nanao hetsika na niteniteny foana. Nisy tokoa ny fanambarana avy eny amin'ny Fiadidiana ny Repoblika, fa nisaotra ny minisitra ao amin'ny governemanta ny filohan'ny Repoblika noho ny asa nataon'izy ireo. Voasoratra tao amin'ilay fanambarana ihany koa, fa ho esorina ny minisitra vitsivitsy. Nisy fanambarana hafa indray anefa nasolo io fanambarana voalohany io ka nesorina tao ny hoe "ho hesorina ny minisitra vitsivitsy". Tena tsy mitsahatra mitodika aty Madagasikara mihitsy izao tontolo izao noho ny zava-mitranga eto. Tsy noho ny fitenitenenana tsy voahevitra toy ireo notanisaina eo ambony ireo ihany, fa noho ny fitantanana ara-bola tsy misy mangarahahara mihitsy, ka nitakian'ny mpiara- miombon'antoka (PTF) ny tatitra momba nampiasan'ny fitondrana ny vola fanampiana nomena ny vahoaka Malagasy noho ny covid-19. Tsy ny any ivelany ihany no mitaky izany fitantanana tsy mazava izany, fa hatramin'ny Fitsarana ny Kaonty (Cour des Comptes) eto an-toerana ihany koa. Ny fanontaniana mipetraka dia tsy mba mahatsiaro tena ho manalabaraka ny Firenena ve ireny manampahefana manaotao foana ireny, ka hametra-pialàna ary raha mahatsiaro tena ho tsy voafatotry ny fifanarahana maloto mamotika ny Firenena ny mpitondra ambony indrindra dia ho sahy hanilika izay lo, ka manamaimbo ny fitondrana.

***Andry Tsiavalona***

Olona ambony ao amin'ny ministeran'ny Fitsarana

# Nisy nangataka 10 miliara tamin'i Mbola Rajaonah

Nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly ny vadin'i Mbola Rajaonah sy ny mpisolovava azy Me Rafidison Erick. Fantatra tamin'izany, fa nisy olona ambony tao amin'ny ministeran'ny Fitsarana, nangataka vola mitentina 10 miliara tamin'i Mbola Rajaonah tamin'ny alalan'ny mpisolovavany dia hilamina ny raharaha. Miharatsy hatrany ny fahasalaman'i Mbola Rajaonah ao amin'ny fonjaben'i Tsiafahy ary aretina fahatsentsenan'ny lalan-drà izay efa nitaiza azy hatramin'ny fahazazany io aretina io izay efa nohamafisin'ny Dokoteram-panjakana eny anivon'ny fonja hoy i Me Rafidison Erick, mpisolovava an'i Mbola Tafaray. Nanohy fanazavana ity Mpisolovava ity, fa efa nangataka fahazoan-dalana amin'ny tompon'andraikitry ny fonja sy ny fitsarana ity farany, mba hapetraka amin'ny toerana mifanaraka amin'ny toe-pahasalamany i Mbola Rajaonah, kanefa mbola misy baiko midina avy any ambony hampidina an'i Mbola Rajaonah ao an-davaka, izay toerana tsy misy rivotra akory, mba hahafaty an'ity farany. Nanamafy ny mpisolovava fa voafonja manana ny zony i Mbola Rajaonah ary tokony hahazo fitsaboana mifanaraka amin'ny toe-pahasalany ary misy ny fanamarihana avy amin' ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny lehiben'ny fonja mikasika an'izany. Nanohy fanazavana Me Rafidison Erick, fa tokony hafainganina ny raharaham-pitsarana an'i Mbola Rajaonah, satria efa 3 taona no notazonina tao am-ponja ary mbola manana ny "Presomption d'inocence" ity farany, satria mbola tsy misy didim-pitsarana mikasika azy akory. Nanohy fanazavana ity mpisolovava ity, fa natambatra miaraka amin'ireo voafonja nahavita heloka be vava I Mbola Rajaonah kanefa olona mbola tsy vita fitsarana akory ary nanamafy ity mpisolovava ity, fa tsy meloka velively izy. Nangataka tamin'ny lehiben' ny fampanoavana ambony ao amin'ny "Pole Anticorruption" i Me Erick mba hatsahatra ny fanenjehana azy kanefa tsy afaka mandray fanapahan-kevitra ireto farany, satria misy dian-tanan'ny mpanatanteraka ny fitoriana an'i Mbola Rajaonah. Raha tsiahivina, fitoriana maromaro no niandry an'ity farany eny amin'ny sampana heloka be vava ao amin'ny "Pole Anti-corruption": ao anatin'izany ny fiampangana famoaham-bola tsy misy antoka, ny fiampangana mikasika fandikan-dalàna eny anivon'ny Ladoany ary mbola nampiana "Dossier" hafa indray izany fitoriana izany, mba ho voasokajy ho heloka bevava ny vesatra ara-pitsarana mahazo an'i Mbola Rajaonah. Nanao antso avo amin'ny filoham-pirenena sy ireo tompon'andraikitra amin'ny rafipanjakana rehetra i Sitraka Rajaonah, vadin'i Mbola Tafaray, mba hijery akaiky ny raharaha, satria mavesatra mihoatra ny tsy rariny ny zava-misy ary mangataka amin'ny manam-pahefana, mba hanafainganana ny raharaham-pitsarana ny vadiny sy hanomezana an'i Mbola Rajaonah fitsaboana sahaza azy ho fitsinjovana ny zon'ny voafonja.



*Vadin'i Mbola Rajaonah (ankavanana) sy ny mpisolovava azy (ankavia).*

***Franck Razakambelo***

Politika

# Tsy misy antenaina amin'izay fiovan'ny governemanta

Anisan'ny resaka be novoizina tamin'ny fitaovan-tserasera ny amin'ny mety hisian'ny fanovana endrika indray ny governemanta, amin'ny alalan'ny hanesorana mpikambana ao anatiny, sy olon-kafa hisolo ny toerana. Iaraha-mahalala anefa izao, rehefa nanao kajy ny mpisehatra politika dia nahita fa tsy misy afa-tsy 18 volana no tena fe-potoana hiasan'ny filohan'ny Repoblika mialoha ny hiatrehana ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2023. Niasa telo taona mahery izao i Andry Rajoelina sy ny ekipany mpanatanteraka. Efa maromaro ny fanovana mpikambana governemanta natao izay, fa izao iaraha-mahita izao ny vokatra. Vao mainka mikoroso fahana ny firenena saiky eo amin'ny sehatra rehetra, ary vao mainka miha-mahantra hatrany ny vahoaka malagasy. Tsy nahitam-bokany ny asa nataon'izy ireo amin'ny ankapobeny. Ny andrasan'ny sarambabem-bahoaka tsy tanteraka, dia ny fihatsaran'ny fiainany andavanandro. Tsy hita soritra izany tato anatin'izay fe-potoana nitondran'izy ireo izay, ka tsy atao hahagaga raha miiba ny vokatra ho an'ny fitondrana Rajoelina, hoan'ny mpanara-baovao sy mpandinika ny raharaham-pirenena.

Raha izay izany, telo taona be izao, niiba ny vokatra, koa inona no antenaina amin'ity herintaona sy tapany sisa ity? Indrindra raha hoe hanova mpikambana ao amin'ny governemanta indray? Ireo notendrena farany aza nolazaina fa isan'ny sangany amin'ny fahaizana amam-pahalalana ambony ary nisy aza "importé" mihitsy, mba tsy ilazana hoe "vazaha", kanefa izao no vokatra. Ireo ho avy vaovao indray, hanolo ireo heverina ho tsy nahomby tamin'ny asa sy andraikitra notanany, mbola hanavao sy hamantatra ny tontolon'ny minisitera hotanany. Mbola hisy amam-bolana vitsivitsy vao ho eo ambony "raila"tsara. Mihena hatrany ny fe-potoana hiasana ka tsy hahavitana asa mivaingana sy hisongadina. Ny hany ho vitany tsy isalasalana dia ny fanatanterahana ny paipaik'ady apetrak'i Andry Rajoelina, izay rahateo no isafidianana sy hanendrena azy, ny amin'ny mbola hahafahana mijanona eo amin'ny fitondrana amin'ny fe-potoana manaraka. Iaraha-mahalala, fa efa nanomboka rahateo ny teti-panorona ny amin'izany, ary mila mahay izany izay vaovao eo. Ny an'ny fitondrana Rajoelina mantsy, iaraha-mahalala, dia ny kajikajy politika aloha vao ny fitsinjovana ny vahoaka. Niharihary tsara izany tamin'ny tranga sy ny akony momba ny fanehoan-kevitr'ilay solombavambahoaka miara- dia aminy niteraka resabe teto amin'ny firenena vao tsy ela izay. Ho volan-kankafotra ihany ny raharaha sy ny fiainam-pirenena eto, fa tsy hisy fahagagana hiovan'ny fiainam-bahoaka akory, n'inona n'inona fanamboarana ny governemanta.

***Sôh'son***

TONONKALO

## Iza ilay hanao ny tombana ?

Tsara hatao ny tomban`ezaka handrefesana ny vita,
Saingy hatreto, miharihary sady iarahana mahita,
F`izy ilay hanao ny tombana , izy ilay tsy misy hapoaka,
Ka dia efa tena leo sy tofoka azy ireo vahoaka !

Tsy ao aminy mihitsy ilay mba marika sy toetra
Maha "mpitarika modely sy ankatoavin`ny rehetra" !
Fa dia toy ny zaza foana no miseho mba hojerena,
Ka milentika hatrany , potika ny firenena !

Ny hampiray ny Malagasy , tena zavatra tsy hainy.
Ny ho azy sy ny ekipa , izay no masaka ao an-tsainy.
Ny mampiditra any am-ponja ireo mitondra fanakianana,
Ary ny mamotika azy , izay no ataony ho fiadanana !

Tsara hatao ny tomban`ezaka mba handraisana fepetra,
Saingy ilay mpanao ny tombana no efa lavin`ny rehetra,
F`izy ilay mpitaribato vilam-bava , tia letrezana,
Mpampanaraka omby vositra ka dia efa ihomehezana !

Izy ilay mamboly vary ka roa taona aty afara
Vao mijinja ny nafafy iretsy zanaka amam-para !
Ny mandainga sy mamitaka , izay no tena kilalaony,
Ka tsy hisy zava-banona raha izay tombana hataony !

Inoana fa "ry veta" hatrany no tsy maintsy ampandihiziny,
Sy "ry mason-tsikilaonina" f`ireo no iraka ankafiziny !
K`aza dia mba manantena ,(raha tsy hoe ianao sanàna),
Fa ny feon`ny "taontaonkafa" dia tsy manam-piovana !

***DADAN`i ZINA (11-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

**Ny mpisolovava sy ny vadin'ny mpandraharaha Mbola Rajaonah, nitafa tamin'ny mpanao gazety, tetsy amin'ny Motel d'Antananarivo Anosy omaly.**





**Ny fampahafantarana ireo fanampiana voaangona ho an'ny traboina, nataon'ny Lions Club International Madagasikara faritra faha-3, sy ny fanolorana izany ny faritra voalohany, hateriny any Mananjary, Manakara ary Farafangana.**






**Ireo mpitarika ny TIM any amin'ny faritra Betsiboka, nihaona tamin'ny birao politika nasiônalin'ny antoko, tetsy Bel'Air Ampandrana omaly.**










# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ireo mpitarika ny antoko TIM any amin'ny faritra Betsiboka, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, teny Faravohitra.**



















JOSEPH YOLAND

# Ilaina ny fanavaozana rafitra ialana amin'ny fiankinana amin'ny vahiny

Fotoana handraisana fepetra ialana amin'ny fanagejana ataon'ny firenena Frantsay izao vanim-potoana izao, mba handinihan'ny olom-pirenena ny rafi-pitondrana tokony hapetraka hahafahana mampandroso an'i Madagasikara, hoy Andriamatoa Joseph Yoland, senateran'i Madagasikara teo aloha, no sady Cst tamin'ny andron'ny Tetezamita. Nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa tokony hiady ny fahaleovan-tena tena izy manoloana an'i Frantsa i Madagasikara manomboka izao, satria efa tsy narahin'ny fitondram-panjakana intsony ilay baiko nomen' ny Vondrona Eoropeanina sy ny Frantsay mikasika ny fanamelohana an'i Rosia rehefa nanafika an'i Ukrainina ity farany ary tokony hararaotin'ny mpitondra firenena hametrahana rafitra, mba hahafahan'i Madagasikara tsy miankindoha amin'i Renimalala amin'ny sehatr'asa rehetra izany "Position" izany. Nanamafy Andriamatoa Joseph Yoland, fa efa nahazo baiko tsy maintsy hiaro ny tombontsoan'ny Frantsay avokoa ireo mpitondra fanjakana nifandimby teto Madagasikara nanomboka tamin'ny nahazoan' i Madagasikara ny fahaleovantena tamin'ny 1960 ary mbola mitohy izany politika izany hatramin'izao, hany ka mikoroso fahana ny toekarena sy ny toe-tsaina maha Malagasy. Nilaza ity Cst teo aloha ity, fa mbola ny firenena Frantsay no mibaiko ny zavatra rehetra atao eto amin'ny firenena satria naaton'ity farany ilay Lalàna navoakan'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny taona 2015, izay namerina amin'ny Malagasy ireo tany nogiazan'ny "Colons" nandritra ny fanjanahantany. Nanohy fanazavana ity zanak'i Nosy-Be ity, fa tsy mety intsony izao zava-misy iainan'ny olompirenena izao ary ilaina ny fanavaozana ny rafitra, mba hialana amin'ny fiankinan-doha amin'ny firenena vahiny. Nampahatsiahy anefa ity olom-boafidy ity, fa tsy fankahalana ny vahiny izany politika izany, fa tokony havela malalaka ny Malagasy hametraka fandaminana mifanaraka amin'ny fotopisainany sy ny zavamisy, hahafahana mampivoatra indray ny sehatr' asa amin'ny lafiny rehetra mba hisian'ny fampandrosoana.



*Ny senateran'i Madagasikara teo aloha, Joseph Yoland.*

***Franck Razakambelo***

Lehilahy namono vehivavy 30 taona

# Notapahan'ny fokonolona ny tenda sy ny tanany ary ny tongony

Nahitana tranga mampivarahontsana: fitsaram-bahoaka, tany amin'ny distrikan'i Mandritsara faritra Sofia tamin'ity herinandro ity. Notapahan'ny fokonolona ny tenda sy tanana ary ny tongotry ny lehilahy iray namono vehivavy 30 taona. Voasambotry ny fokonolona tao Ambodivoarabe, Pont Sofia distrikan'i Mandritsara afak'omaly ny lehilahy iray 47 taona voarihorohy namono vehivavy 30 taona tamin'ny fomba feno habibiana. Haka vola ao Pont Sofia no anton-dian'ny vehivavy maty avy any Antanantsara Kaominina ambanivohitra Ankiabe Salohy, ka tsy hita nandritra andro maromaro. Faty efa simba no hita ny 06 martsa 2022. Niharan'ny fitsarambahoka ny nahavanon-doza, nozarazarain' ny havan'ilay vehivavy maty ny vatan'ilay lehilahy nahavanon-doza. Niezaka niantso mpitandro filaminana ny Sefo Fokontany mba hisorohana ny fitsaram-bahoaka, tratra aoriana anefa izany. Avy any Ambodivoarabe ilay nahavanon-doza. Nitolo-batana izy, ka fantatry ny fokonolona tamin'ny fomba fiteniny izany. Niaiky izy fa tomponantoka tamin'ny famonoana ilay vehivavy. Norobainy ny vola, nitoriany fitiavana ilay vehivavy fa tsy nanaiky, ka naolany ary novonoiny avy eo, hoy tsy ho fantatr'olona ny zavatra saika hataony. Raha ny fitantaran'ity rangahy ity teo anatrehan'ny fokonolona.



*Ilay lehilahy nahavanon-doza tany Mandritsara (afovoany miakanjo maity).*

***Niaina***

Tovovavy nitrifana sy namono olona

# Tratry ny fanainga lavitry ny patrôn'omby

*Fanontaniana napetraky ny olona foana ny hoe tena misy ve ny tsitiamainty sy ny fanainga lavitra, mitombina ve izany hoe toa lasa adala mihitsy rehefa tratran'io aretina io. Santionany ity tovovavy ity.*

Avy any Ambatondrazaka ilay rangahy. Mpamongady omby izy io ary manam-bola sy manana ny ampy. Manana mpanampy maro sy mpaninjara hena maro ihany koa. Sady manam-bola no havanana amin'ny fandraisan'olona ity patrao ity. Tsy vitan'izany, fa izay vehivavy na tovovavy milangalanga dia tafiditra ary tsy afaka raha tsy karakaraina. Izany hoe manao fanafody ity lehilahy ity ary izy tratrany dia mandraingiraingy avokoa. Indray andro dia mpianata no nisangisangy azy sy nitolontolona mihitsy aza. Tsy vitan'izany, fa sady mangata-bola no manao fitenenana tafahoatra ihany koa. Isaky ny mirava avy mianatra mantsy izy io dia tsy maintsy mahita ity rangahy ity ary farany aza dia raikipitia taminy mihitsy. Nanomboka teo dia ratsy ny tantana satria tsy nahafoy ity patrao ity intsony ilay kalakely. Nanjary varimbariana ary tsy tafiditra tamin'ny lohany intsony ny fianarana fa ny niantsoantso ny anaran'ty rangahy ity no miverimberina ao am-bavany. Tsy vitan'izany, fa isaky ny matory izy dia manonofy ratsy ary te-hitsambikina eny ambaravarankely mihitsy aza. Nanomboka teo no taitra ny fianakaviany satria tsy mba fanaony ny toy izao nefa telo volana izay dia sady miady no manompa, no mbola maniratsira ihany koa. Tsy azo antonina indraindray fa sady mandrora no midaroka mihitsy. Teo no nahatapa-kevitra ny fianakaviany ka tsy maintsy nitady vahaolana satria zavatra hafa ity hoy ny fianakaviany ka tsy maintsy niantso an'i mr Aina mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy 03829 026 68 sy ny 03202 798 68.

**Fanainga lavitra sy mosavy no nahazo ilay tovovavy**

Vao nihaona teny amin'ity mpitsabo ity ilay fianankaviana dia izao no navaliny azy ; tratry ny mosavy ny zanakareo hoy izy satria tsy nahafehy tena ka nanaotao foana. Azon'io rangahy io ny rambon'akanjony hoy izy ary nafangarony tamin'ny fanafody ratsy. Tsy tafapetraka izy hoy ity mpitsabo ity satria nembohiny sy kantoaviny ka tsy maintsy manaraka izay baikony. Tsy nanaiky azy ho vady mantsy io tovovavy io hoy izy fa ny handala azy fotsiny, nefa nisara-bady ity patrao ity ka saiky hiraikitra aminy mihitsy.

**Telo andro dia tafaverina amin'ny fianankaviany ilay kalakely**

Nataon'ity mpitsabo ity ny fikarakarana, nembohiny ilay kalakely ary teo noho eo ihany dia nivadika ny rasa satria sady nitomany sy nibaradaka sady niantsoantso ny anaran'ilay patrao. Tsy vitan'izany fa nitrifana sy nivadika mena ny masony fa vao nofelahan'ity mpitsabo ity dia niverina amin'ny laoniny ary nifona sy naharesaka tamin'ireo mpanotrona teo. Nokopahana lamba fotsy izy ka teo vao vaky fa tena nisy namosavy izy ary ilay rangahy saiky hanambady azy io no namosavy azy. Nodiovina izy avy eo ary salama tsara ankehitriny satria nilaza ity mpitsabo ity fa ny « pouvoir » ananako dia afaka mamaha ny olana samihafa, ka na mosavy sy fanainga lavitra toy izao aza dia tsy maintsy tafaverina sy sitrana rehefa mahazo fitsaboana eto amiko avokoa.

***Namana***

Andro faha-11 ny "Orange Pro League 2021/2022"

# Handray lalao roa be izao ny kianjan'Ampasambazaha

Miditra amin'ny andro faha-11 ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022" anio sabotsy 12, sy rahampitso alahady 13 martsa 2022, ka handray lalao 2 be izao ny ao amin'ny kianja "Stade Moderne d'Ampasambazaha Fianarantsoa" amin'izany.

Fandaharam-potoana anio sabotsy 12 martsa 2022 :

-As Fanalamanga # Uscafoot (Kianja "Stade Barikadimy Toamasina"),
-Cosfa # Tia Kitra (Kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona"),
-Cffa # A.Dato Fc (Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"),
Mama Fca # 3Fb Toliara (Kianja "Stade Moderne Ampasambazaha").

Fandaharam-potoana anio sabotsy 12 martsa 2022 :

-Five Fc # Fosa Juniors Fc (Kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass"),
-Jet Kintana # Ajesaia (Kianja Manarapenitra Mahitsy),
-Disciples Fc # Elgeco Plus (Kianja "Stade Velodrôme Antsirabe"),
-Zanakala Fc # Jfc Toliara (Kianja "Stade Moderne Ampasambazaha").

***Rainilita***

Mpanakanto « Apponame »

# 20 taona nilalaovana Mozika

Mananika ny faha- 20 taona mahery nilomanosany tao anivon'ny ranomasimben'ny hira sy ny mozika i Rakotoniaina Apponame Jocelyn. Izy izay nanambara tsy ampisalasalana fa « banga tanteraka ny fiainany raha tsy eo ny mozika » ary vary sy rano ny lehilahy sy ny mozika.



*Apponame, misakaiza akaiky amin'ny mozika.*

**Talenta marolafy**

Manana « tadim-peo » miavaka i Apponame. Vokany, afaka milalao feo ambony sy mikorisa any amin'ny antanatoham-peo farany ambany ny lehilahy. Ny feo voalohany no tazoniny eo anivon'ny Groupe Prosh'Ely ankehitriny. Ankoatr'ireo, manana fanomezam-pahasoavana eo amin'ny lafiny famoronana sy fandrindrana hira ihany koa izy. Tsy voafetra amin'ny lohahevitra tokam-bolo ny tononkira jariako, hoy i Rakotoniaina Apponame Jocelyn, fa misandrahaka araka ny trangam-piaraha-monina tojo ahy.

Mitendry ny gitara beso ihany koa i Apponame ary hanana amin'ny sehatry ny fanafanana lanonana, noho izy tsy mifidy gadona vazoina. An-taonany maro rahateo ny lehilahy no efa niantsehatra teo amin'ny fanafanana lanonana amin'ny alalan'ny fihirana sy fitendrena zavamaneno. « Tarana-boanjo foto-boanemba », tanteraka ara-bakiteny, io ho an'i Apponame noho izy taranaka mpanakanto. Ny Dadabeny izay « Mpamaliha » (mpitendry Valiha) ary mankafy ny fitendrena gitara bagasy. Hafatra mafonja napetrak'i Rakotoniaina Apponame Jocelyn, ny tokony hiezahan'ireo mpanakanto rehetra ho amin'ny fametrahana « Mozika mitoetra »: mahatety vanimpotoana rehetra, mahafeno ny atao hoe : « Kanto » fa tsy « Mozika mandalo ». Tsy ho mora anefa izany fa mila ezaka lehibe sy faharetana ary fandalinam-pahaizana ankoatry ny talenta ho an'ireo rehetra misehatra ao anatin'ny habaky ny kanto an-kira sy mozika. Amin'izay ho fanoitra ho amin'ny fampandrosoana tokoa ny «Kolontsaina ».

***Lalasoa Razafindrakoto***

Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/03/2022 hatramin'ny 12/03/2022**

- **SOANDRY** (Behoririka prÈs de Luxor) 020 22 228 37/ 034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1273-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MPIANTSENAN'NY JUMBO SCORE SY LEADER PRICE

# Miteti-bidy 15 tapitrisa Ar eo ny fanampiana ny traboina voaangona

Miteti-bidy eo amin'ny 15 tapitrisa Ar eo ny fanampiana ho an'ny traboina voaangon'ny Lions Club Madagascar faritra faha-3, tarihan'ny filohany Jocelyn Rasoanaivo, tamin'ireo mpiantsena teny amin'ny tranombarotra lehibe Jumbo Score sy Leader Price, notanterahana nandritra ny andron'ny sabotsy teo. Afapo ny mpikarakara, nampahafantarina ofisialy ny alakamisy teo ny vokatr'izany fanangonana fanampiana izany, tetsy amin'ny Cap 3000 Andraharo, sy ny nandefasana ireo fanampiana ireo any amin'ireo traboina any amin'ny faritra Vatovavy, sy Fitovinany ary Atsimo Atsinanana, ny marimarina kokoa homena ny traboina any Mananjary, Manakara ary Farafangana sy ny manodidina ireo fanampiana ireo. Ny Lions Club International Madagascar faritra voalohany indray no hizara izany fanampiana izany any an-toerana. Maro ireo vokatra voaangona tamin'ny sabotsy teo io, toy ny sakafo sy fitaovana izay ahitana vary, siramamy, menaka, paty, voamaina isan-karazany, ronono, rano amin'ny tavoahangy, kojakoja toy ny koveta sy siô, vola: ka ny vola dia efa nividianan'ireo mpikarakara sakafo sy fitaovana ilain'ny traboina ihany koa. Nambaran'ny filohan'ny Lions Club International Madagasikara faritra faha-3, Jocelyn Rasoanaivo fa: "averina ny fisaorana ho an'ireo rehetra nandray anjara mavitrika tamin'ity hetsika ity, mankasitraka ihany koa ny mpikambana rehetra ao amin'ny Lions Club International Madagascar sy ny Leo Club, tamin'ny fifanomezan-tanana sy firaisankina, tsy adino ireo mpiara-miasa mahafatrapo nahatontosa ny hetsika: ny Jumbo Score sy Leader Price, indrindra ireo mpiantsena tamin' ireo toerana ireo, nitondra izay voatsirambin' ny tanany, ary ireo mpanao gazety nampita ny vaovao, ka nahazoana izao fahombiazana izao. Vita iny ny ampahan'ny asa, hanomboka kosa ny fanaparitahana sy ny fizarana ireo fanomezana. Amimpomba ofisialy no hanolorana ireo vokatra rehetra voaangona amin'ny Region 1, tarihan'Andriamatoa Vonjy Razafy filoha, izay hisahana izany andraikitra izany. Misaotra sahady amin'ny fanatanterahana izany adidy lehibe ao anaty firaisankina izany", hoy izy.



*Ny sasany amin'ireo fanampiana ho an'ny traboina voaangon'ny Lions Club International Madagasikara faritra faha-3.*

***Isambilo***

Miraviravy tanana ny mpiompy

# Mirongatra ny halatra kisoa any Imerintsiatosika


Miraviravy tanana ireo mpiompy any Ambatomirahavavy sy Imerintsiatosika, any amin'ny distrikan'Arivonimamo faritra Itasy iny amin'izao fotoana, satria mirongatra ny halatra kisoa any an-toerana. Anisan'ny fomba ratsy ataon'ireo jiolahy ny manome poizina ireo kisoa angalarina, ka rehefa torana ireto farany dia batainy fotsiny avy eo ary amin'izay fotoana izay dia tsy mahare n'inona n'inona ny tompony. Ny alarobia hifoha alakamisy teo, tokony ho tamin'ny 02 ora maraina dia nitrangana halatra kisoa tao Imerintsiatosika. Ireo Zandary sy ny mpiambina tao amin'ny Brigade Gendarmerie Ambatomirahavavy nanao fisafoana tamin'io andro io, no nahatsikaritra roa lahy nitondra gony. Rehefa natona azy ireo ny zandary dia nanao tari-dositra izy roa lahy. Raikitra ny fanenjehana, ka dia natsipin'izy ireo ny gony misy ny kisoa miisa 02, rehefa tsy namela azy ireo ny zandary. Tsy lasa lavitra anefa fa tratra teo amin'ny tetezana Andromba PK 15+ 400, izay faritra manasaraka ny kaominina Ambatomirahavavy sy Alakamisy-Fenoarivo ireto mpangalatra kisoa ireto. Tao anatin'ny fanadihadiana no nahalalana, fa kisoan'olona avy ao Imerintsiatosika ireto tratra ireto. Ny mpitandro filaminana, no niandraikitra ny fitadiavana ny tompony. Fantatra ihany koa fa mponina avy eny Anosibe sy Isotry izy mirahalahy ireto.

***Stefa***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 386**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0385)

*Mitsivalana*
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

*Mitsangana*
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 386



**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomanao **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

## Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

**1.** Mandà - Foza (miv) **2.** Efaina **3.** Naina - Ana **4.** Ak(o) - Anana **5.** Ray - Nikalo (miv) **6.** Nafarana **7.** Anao - Fe (miv) **8.** Aizat? - Taona **9.** Nivory - Ma (miv) **10.** Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

**A** Menarana **B.** Afaka - Iny **D.** Nay - Izany (miv) **E.** Dina - Avana (miv) **F.** Ana - Afo (miv) - Fo (miv) **G.** Alaotra **H.** Rana (miv) - Tia (miv) **I.** Zanaka **J.** Manenina (miv) **K.** Fy - Mafana (miv)

NY TENY FIAINANA

*« Dia hanemitra manodidina ny mpanjaka samy hitam-piadiana avy, ka raha misy miditra ny laharana, dia vonoy ho faty, ary ho eo akaikin'ny mpanjaka hianareo na mivoaka izy na miditra ».*
***II Mpanjaka toko 11 :8***

Tompon-daka Cross Country 2022

## Vonona tanteraka handray ny fifaninanana i Manakara

Vonona tanteraka i Manakara any amin'ny faritra Fitovinany manontolo, amin'ny fandraisana ny hetsika athletisma fiadiana ny tompon-dakan'i Madagasikara, na «Championnat de Madagascar de Cross Country 2022 », araka ny fampitam-baovao nalefan'ny Tale Teknikan'ny FMA, Rambeloson Hery, avy any an-toerana. Fantatra ary fa vita omaly zoma 11 martsa 2022, tao amin'ny efitrano malalaky ny biraon'ny kaominina ao Manakara, ny dinika teknika amin'ity fifaninanana ity ary anio sabotsy 12 martsa no hanatanterahana ny fifaninanana. Mahatratra 254 ireo athleta handray anjara amin'ny fifaninanana, ka ny sokajy MF misy 34, sokajy MG misy 31, sokajy CF miisa 18, sokajy CG miisa 37, sokajy JD 14, sokajy JH 38, sokajy SD 21 ary SH mahatratra 61. Hisy anefa mialohan'io fifaninana io ny hetsika "Animation relais 8x500 m", handraisan'ireo fokontany miisa 18 any an-toerana anjara.



*Ny tanànan'i Manakara, renivohitry ny faritra Fitovinany.*

***Rainilita***

Fifaninanana Asief

## Nitombo 3 indray ireo taranja hifaninanana


Fantatra avy amin'ny fivoriana nataon'ny mpitarika ny Asief, notarihan'ny filohany, Botosera Jean Aimé na John Love, tetsy amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena Mahamasina tamin'ny alarobia lasa teo, fa nampitomboina telo ireo taranja hifaninanana amin'ny hetsika ara-panatanjahantena karakarain'ity rafitra ity manomboka amin'ity taona 2022 ity. Nambaran'ity filoha ity ihany koa fa hanomboka amin'ny faha-26 martsa izao ny fifaninanana rejiônalin'ny Asief eto Analamanga, ka no fantatra amin'ny fanaovana antsapaka amin'ny alarobia 23 martsa 2022 izao ireo taranja efa vonona hiatrika an'izany fifaninanana rejiônaly izany.

***Rainilita***


*Ekipa Asief tany Mahajanga.*

Champion's League any Europe 2021/2022

## Nihintsana ny Psg mpampiasa vola be


*Nitanondrika i Lionel Messi PSG.*

Tontosa tamin'ny talata sy alarobia teo, ireo andiany voalohany amin'ireo lalao 1/8-dalan'ny fifaninanana Champion's League any Europe 2021/2022. Nisongadina tamin'ireo fihaonana ireo ny nihintsanan'ny ekipan'ny PSG Frantsay mpampiasa vola be amin'ny fanafarana an'ireo mpilalao malaza eran-tany hilalao ao aminy. Ny ekipan'ny Real Madrid no nanilika azy tamin'ity taona 2022 ity, satria nahavita "Remontada" 3-1 tamin'ny lalao miverina natao tamin'ny alarobia 09 martsa 2022 teo nefa dia resy nazava tamin'ny 2-0 tamin'ny lalao mandroso. Nisongadina ihany koa ny nanamontsanan'ny Bayern Munich ny ekipan'ny Rb Salzburg 7-1 tamin'io alarobia 09 martsa io, raha nahatana ady sahala 1-1 ity farany tamin'ny lalao mandroso. Ireo vokatra rehetra azo tamin'ny talata sy alarobia teo :

Bayern 7-1 Sb Salzburg,
Liverpool 0-1 Inter,
Manchester City 0-0 Sporting,
Real 3-1 Paris-SG.

Amin'ny talata 15 sy alarobia 16 martsa 2022, no hanatanterahana an'ireo lalao 1/8-dalana miverina ambiny sisa ka :

Manchester United # Athlético Madrid,
Ajax # Benifica,
Juventus # Villareal,
Lille # Chelsea.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy amalona indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, sy ro matsatso anana ary angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny solila na menthe

Ny soa azo avy amin'ny solila na menthe indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Misy:



- vitamine A
- misy Calories na manome angôvo.
- misy fibre
-misy vy.
-Manganèse.
- misy sodium

Ireo zava-tsoa azo avy aminy :

1 Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Manala tazo, sery.
- Fitsabona ny asthma na misohika.
- Manasitrana aretina an-doha.
- Manala ny mikraoba sy manadio nify, ary ati- vava.
- Manala tavy, mampahia.
- Manatsara ny fiasan'ny saina.
- Manatsara hoditra.
-Manatsara volo.
- Tsara ho an'ny olona mando sy maloiloy lava.
- Manala stress, depression.
- Manasitrana aretin- kibo, aretim-bavony.
- Mampitony fanaintainana.
- Manala fanaintainana amin'ny loha-nono ho an'ireo bevohoka sy mampinono, ny ranony anasana loha-nono.
- Atao dite ny fanaovana azy dia sotroina 1 vera isan'andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Andranovao any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'Andranovao any amin'ny distrikan'i Maitirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranovao ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Iva toerana izy satria manakaiky ranomasina, 14 m ao ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny raphia, ny voanio fakana menaka. Mpanjono ihany koa ny mponina any Andranovao.

